ADY AMIN'NY TSY FANDRIAMPAHALEMANA

Dahalo miisa 3 no lavo, avotra ireo vehivavy 2 nalain'izy ireo an-keriny

Vehivavy roa no tratry ny fankàna ankeriny "Bohiry", nataon'ny dahalo miisa 5 mitam-basy tao Antsarety, fokontany Ampandrandava, kaominina Beraketa distrikan'i Bekily, faritra Androy ny talata teo tamin'ny 10 ora maraina. Rehefa nandre izany ny Zandary avy ao amin'ny Poste fixe Ampandrandava dia niroso avy hatrany tamin'ny fanenjehana niaraka tamin'ireo fokonolona, ka hita fa nihazo an'Andriry ny dian' ireo dahalo. Teo amin'ny toerana atao hoe Ambatobe Andriry no nifandona ireo dahalo miaraka amin' ny takalon'aina akilany sy ny Zandary miaraka amin' ireo fokonolona andaniny. Nohon'ny fahaizamanaon' ireo zandary, izay vao avy nanao fanazaran-tena matotra, dia avotra soa amantsara ireo takalon'aina, dahalo 3 no lavo avy hatrany, tsy nisy naninona ny Zandary sy ny fokonolona mpanaradia. Dahalo roa mbola hifanenjehana any antampon-tanety any rehefa nampiana isa ireo zandary. Velom-pisaorana ireo vahoaka any an-toerana, rehefa tafaverina tao an-tanàna izy roa vavy, nohon'ny hakingan'ireo Zandary.

Ireo zandary nanara-dia dahalo tany Beraketa.

Niaina

Antalaha

Miparitaka ny vola sandoka ividianana lavanila

Miparitaka ny vola sandoka any Antalaha, faritra Sava amin'izao fotoana. Lehilahy iray nampiasa vola sandoka, no tra-tehaky ny Zandarimaria any Antalaha, raha nisoloky fa hividy lavanila 8kg. Ny faran'ny herinandro teo dia nisy olona roa nivarotra lavanila masaka milanja 08 kg tao Ankoalabe Antalaha. Olona roalahy izay nilaza fa mpividy lavanilan'ny "patron", no nividy ny entana, ka rehefa vita ny adi-varotra dia mbola ho entina haseho ny "patron" aloha ny lavanila. Ny iray tamin'ireo milaza ho mpividy izay mi- tondra ny kitapo mihidy "cadenas" feno vola hividianana entana miaraka amin'ny tompon'ny lavanila no miandry ny fiverenan'ilay nitondra ny la- vanila tamin'ny toerana iray. Nandrasana anefa tsy niverina ilay nitondra ny lavanila ary ilay namany koa dia tafaporitsaka niala tamin'ny tompon'ny lavanila, ka ilay kitapo mihidy cadenas no navelany teo. Nosavain' ny tompon'entana ilay kitapo ary nahitàna 02 paquets izay taratasy natao miendrika vola 20.000 Ar. Rehefa nataon'ny zandarimaria avy ao amin'ny Compagnie Antalaha ny vela-pandrika sy ny paik' ady rehetra dia tratra ary voasambotra tao Andampy ny iray tamin'ireo mpisoloky, izay niaiky ny heloka vitany ary nanaiky ny hanoro ny misy ny namany sy ny entana. Ny zandarimaria dia manentana ny tsirairay mba ho mailo satria ny mpanao ratsy dia tsy tery lalana.

Vola sandoka, hita tany Antalaha.

Stefa

Tranga

Ramatoa mpivarotra zava-pisotro voatafika, lasa ny 2 tapitrisa Ar

Mirongatra dia mirongatra indray ny asan-jiolahy eto Antsirabe amin'izao fotoana, raha toa ka somary nangingina izany, nohon' ny ezaky ny mpitandro filamianana. Ankoatry ny vaky trano sy ny halatra moto sy ny resaka zava-mahadomelina dia isan'ny mahazo vahana indray ny fanendahana sy ny fandrobana izao. Mpivarotra zava-pisotro eo Andranomafana-Antsirabe, isan'ny malaza sy Fanta-daza amin'ny fifandraisana aman' olona indray mantsy no fantatra fa notafihin'ny jiolahy raha hody hamonjy ny toeram-ponenany iny ny alin'ny Zoma teo, tokony ho tany amin'ny 12 ora alina tany ho any. Raha ny angom-baovao ihany dia nisy namana mpitarika saretikely ihany niaraka tamin'izy ireo hody, izay mpitondra ny entambarotra hamidin'izy ireo ihany rehafa antoandro iny. Vao nisara-dalana anefa izy ireo dia nisy roalahy nipoitra tampoka ary nidaroka ilay ramatoa tamin'ny kobay, ary voa mafy tsy nahatsiaro tena ilay ramatoa renim-pianakavia-na. Norobain'ireo jiolahy ny vola maty ny alin'iny, izay voalaza fa nanodidina ny 2 tapitrisa Ar teo ho eo ary lasa ireo jiolahy. Nifamonjena ilay ramatoa ary nentina namonjy toeram-pitsaboana, ary dia mbola manaraka fitsaboana ankehitriny. Raha ny hatramin'ny omaly dia olona maromaro no efa nosamborin'ny mpitandro filaminana nanodidina ity raharaha ity satria toa nisy nahatsikaritra ihany mantsy ireo jiolahy, ka efa nisy aza ny niakatra fampanoavana raha ny tsilian-tsofina ihany, satria mbola ao anaty fanadihadiana lalina ny mpitandro filaminana manodidina ity raharaha ity. Raha tsiahivina dia efa in'efatra nisy nanafika ity fianakaviana ity raha ny tantara, ary isan'ny fantatry ny maro ao Antsirabe izy amin'ny fivarotana zava-pisotro eo Andranomafana eo, nohon'ny fifandraisany amin'ny mpirevy ao Antsirabe, izay mampiavaka azy mianakavy mihitsy, ka isan'ny mampandeha ny varotra izay ataony izany. Tombanan'ny maro fa efa misy ny jiolahy nikajikajy ny vola matiny isan'andro, ka nanita-kevitra tamin'izao fanafihana azy izao. Hatramin' izay, na mbola teny amin' ny manodidina ny gara aza no nisy ireny mpivarotra amin'ny harivariva ireny dia efa fantatry ny maro hatrany ity renim-pianakaviana ity, saingy tsy miraharaha izany ny jiolahy.

Lezama

Taratasin'ny mpamaky

Mahakasika ny tsy fandriampahalemana sy ny raharaham-pirenena amin'ny ankapobeny amin'izao fotoana izao, toy izao ny fahitako azy: manomboka izy io ry namako! Miha-mipoaka ny fiarahamonina, ka tsy misy hohanina ary koa ny asa tsy misy , ny fihariana sakanan-dry zalahy , ny orinasa vahiny mihemotra daholo , ny fanampiana mihidy ny robinet , zao efa namboarin-dry zalahy indray Mampikony. Miomàna fa handray mpifindra monina vaovao avy any Mampikony indray Antananarivo atsy ho atsy. Ny tsy rariny sy ny tsindry hazo lena amin'ny fanaparam-pahefana manginy fotsiny , resaka tandra aza saika nampigadra , izay tsy tiana hamoronana dossier tsotra izao hampigadra azy. Ny vidin'entana etsy andanin'izany miakatra izay tsy izy, toa tsy misy fanaraha-maso. Jereo ireto be antitra toa manary tena mianjera ho azy eny rehetra eny satria tsy ampy sakafo koa.
Ny mpitondra anefa toa miaina ery tsy misy maha ory. Nizara vary be am-bilia sy nitokana KFC dia hanototra tanimbary etsy Ambohitrimanjaka sy hanome tany ny arabo ny filoha dia mahazo doka fa voalohany @ fanjariantsakafo aty Afrika. Dia gaga ianao nefa na ny nanetsa ray dia aza tsy nataony. Resaka tiana hateza io satria ny BAD izao dia ny arabo no manana petrabola betsaka ao. Korazy isika fa vao manomboka io , atsy hoatsy mbola ho mazana noho izao. Mbola tsy tena mihàtra ny vokatr'iny tondra-drano iny mantsy izao. Tonga amin'ilay hoe ny nambolena tsy naniry , ny nantenain-tsy azo , ny eo an-tanana moa votsitra daholo hanaovan'ny olona barofo isika zao ry mpiray tanindrazana. Tsy mahagaga raha mirongatra ny tsy fandriampahalemana, satria ny kibo tsy mba lamosina, tsy maintsy mitady ny harapaka isan'andro ny rehetra, ka rehefa tsy misy ny asa, tsy misy ny hamidy dia mirona any amin'ny asa ratsy fangalarana ny sasany.
Ka iza no meloka ?? ireo izay mba mitady izay harapaka androany sa ireto mpitondra mijery fotsiny tsy manan-kevitra haroso fa variana @ haitraitra ?

Imito, Fandriana

Nahitam-bokany ny ady tamin'ny dahalo nataon'ny fokonolona sy ny zandary

Antsoantso vonjeo anaty haizina, lakolosim-piangonana miraondraona, Fokonolona mikotaba sy nitsoka anjombona. Izay no nitranga tao amin'ny tapany avaratra amin'ny Kaominina Imito, Distrikan'i Fandriana, Faritra Amorin'i Mania afak'omaly alina. Nitrangana fanafihan-dahalo miaro halatr'omby tao amin'ny Fokontany atao hoe : Ivolo, somary avatry ny renivohitry ny Kaominina. Nanao mandatehezana ny Fokonolona nanaradia sy nanakana ireo lalana rehetra nivoaka ny Kaominina. Nahitam-bokany izany, ka dia tratra tokony ho tamin'ny valo ora sy sasany alina teo ny iray tamin'ireo dahalo, fa tafatsoaka ny sasany ary tafaverina ny omby, hoy ny loharanom-baovao avy any an-toerana. Marihina fa misy « Poste Avancé » ny Zandarimaria ao Imito, misahana Kaominina roa ny zandary ao, dia ny Kaominina Sandradahy sy Imito. Nanezaka avy hatrany tamin'ny moto, niaraka amin'ny Ben'ny tanàna ao an-toerana, namonjy ilay toerana ny zandary vao nahazo fampandrenesana. Tranga fanafihan-dahalo faninefany niseho tao anatin'ny Kaominina Imito, tato anatin'ny roa herinandro teo izao ity nitranga ity. Halatr'omby ny roa, niseho tao amin'Amboasary sy Ambalafeno. Tafaverina ny omby tamin'itsy voalohany ary nisy dahalo iray voasambotry ny Fokonolona, ary maty niharan'ny fitsaram-bahoaka ; very kosa ny omby telo tao amin'ilay tanàna faharoa.

Stefa

Fankalazana ny 8 martsa

Manana iray volana latsaka eo ireo vehivavy hanomanana ny fetiny

Efa mivonona amin'ny fankalazana ny andron'ny vehivavy ny fikambanam-behivavy eto Antsirabe. Efa sesilany ny fivoriana fiomanana sahady ho amin'izany fankalazana izany raha hoan'ny renivohitr'i Vakinankaratra. Havoriana tsy misy toy izany, naneho ny fahavononany tanteraka ireo vehivavy eto anivon'ny renivohitry ny Faritra Vakinankaratra hanomana sahady ny 08 Martsa. Tamin'izao fivoriana izao dia efa nizara tamin'ny vaomiera 05 ireo vehivavy: ny vaomieran'ny hetsika sy fanentanana, ny vaomieran'ny serasera, ny fampitaovana, ny tetibola ary ny vaomieran'ny fandraisana sy ny lanonana ofisialy. "Izaho sy ianao isika rehetra hiady amin'ny Zon'ny Vehivavy": io no loha-hevitra hiompanan'izany fankalazana ny hetsika izany. Hita ho velom-bolo tanteraka ny Talem-paritry ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy sy ny fampiroboroboana ny vehivavy eto Vakinankaratra, Ramatoa RABARIJAONA Antsa Narindra, tamin'ny fahitana ny vitrika nananan'ireto fikambanam-behivavy maro be tonga namonjy ny fivoriana voalohany ity. Hitohy izany, ka fantatra fa isaky ny alarobia tolakandro amin'ny roa dia hisy hatrany ny fivoriana fanomanana ao amin'ny efitrano malalaky ny Faritra Vakinankaratra. Fantatra fa ny andron'ny zoma 13 Martsa no hoentina hankalazana izany ho an'ny fankalazam-paritra. Hazakazaka "foulée des dames", hiainga eo amin'ny Région no hatao manomboka amin'ny 6 ora maraina hiodina eo Antsenakely, mihazo ny gara ary hiafara eo amin'ny Tsangambato. Hisy ny fanomezana zava-pisotro sy sakafo maivana ho an'ireo mpandray anjara. Hitohy amin'ny lanonana ofisialy ary hisy ny famelabelarankevitra mahakasika ny zon'ny vehivavy. Ny dia miaro fanatanjahantena "Zumba" no hanohizana ny hetsika ary hiafara amin'ny fanomezana mari-panamarihana tamin'ny fandraisana anjara amin'ny fiafaran'ny lanonana. Marihina fa any Toliara no hanamarihana ny hetsika Nasionaly, izay hanomboka ny 02 Martsa, ka hatramin'ny 08 Martsa. Hisy ny delegasionina hisolo tena ny Faritra Vakinankaratra any an-toerana.

Solohery